

LAHARANA #3 - 2022

# AMPITAPITAOUU!

## SEKOLY IEREN-DOZA, LAVITRY NY HERISETRA

### HO FANOHANANA NY TANJONA FAHA-4 HO AN'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA (ODD4).

Manome antoka fa ny tsirairay dia afaka misitraka fanabeazana tsara kalitao sy mitovy lenta ary manome vahana ny fianarana mandritra ny androm-piainana.

### TARIGETRA 4A

Manolotra toeram-pianarana ieren-doza, lavitry ny herisetra, misokatra ho an'ny daholobe tsy an-kanavaka ary mahomby ho an'ny rehetra.

4 ÉDUCATION DE QUALITÉ

# TOERAM-PANABEAZANA IEREN-DOZA AHAFAHAN'NY ZANANTSIKA MIANATRA TSARA SY MAHOMBY.

**Iray ny tanjontsika.**

**Andao hiara-hientana hampihely sy hanamafy ny ezaka nataontsika ho fanatratrarana ireto tanjona sy tarigetra ireto.**

### Mifarimbona amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam- pirenena hiady amin'ny herisetra eny anivon'ny sekoly

Noho izy **tompon'andraikitra voalohany** amin'ny fivelaran'ny mpianatra tsirairay avy eo amin'ny lafiny ara-tsaina, ara-batana, ara-moraly, maha-olom-banona, ary ara-javakanto dia **manana andraikitra lehibe eo amin'ny fisorohana ny herisetra eny anivon'ny sekoly sy ny fiadiana amin'izany ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena.**

Zava-dehibe tokoa izany ady izany satria ireny toeram-panabeazana ireny no mamolavola ireo ankizy sy tanora solofo dimbin'ny ala ka miantoka ny fandrosoan'ny firenena iray fa tsy sanatria mitondra azy ho amin'ny fahaverezana. Iaraha-mahalala fa ny herisetra, na ara-batana io na ara-pananahana na koa ara-pihetseham-po dia misompatra ny fitomboana sy fivoaran'ny zanantsika ka misakana azy ireo tsy ho tonga amin'ny fivelarana tanteraka. Ny fisian'ny herisetra eny anivon'ny toeram-panabeazana, raha sanatria misy izany, dia fanoherana ny antom-pisian'izy ireo mihitsy.

Ny fanohizana sy famitan'ny zanantsika fianarana, indrindra indrindra fa ny sekoly ambaratonga faharoa, dia **mitera-bokatsoa maharitra eo amin'ny lafiny fahasalamana sy fampandrosoana** ho azy ireo, ho an'ny fianakaviana misy azy ary ho an'ny fiarahamonina. Mampalahelo anefa fa maro ireo ankizy no tsy mandeha mianatra noho izy ianjadian'ny herisetra sy fanararaotana ara-pananahana eny an-tsekoly.

Rehefa ieren-doza sy lavitry ny herisetra ny sekoly dia afaka **mandia fianarana** ireo ankizy ka **lasa olom-banona**. Ireo tovovavy sy vehivavy nahita fianarana kokoa no matetika mahavita mampihemotra ny fotoana hanambadiany sy hiterahany ary manana fomba fitondrantena mitondra fahasalamana.

## 600%

**tahan'ny fitomboan'ireo antso voaray tamin'ny laharana maitso 147 fitorohana ny fanararaotana ny ankizy**

Hatramin'ny niantombohan'ny krizy nateraky ny aretina COVID, dia nirongatra ny herisetra mianjady amin'ny ankizy manerana izao tontolo izao ka anisan'ny voakasik'izany i Madagasikara.[3] Tamin'ny taona 2020 tokoa dia nitombo 600% heny ny isan'ireo antso voaray tamin'ny laharana maitso 147 fitorohana ny fanararaotana ny ankizy raha oharina amin'ireo taona teo aloha.[4]

[1] High-Impact Practices in Family Planning (HIPs). (2014). Educating girls: creating a foundation for positive sexual and reproductive health behaviors.
[2] The Brookings Institute. (2014). Raising the global ambition for girls' education.
[3] Bhatia, A., et al. (2021). Violence against children during the COVID-19 pandemic. Bulletin of the World Health Organization, 99(10), 730–738. https://doi.org/10.2471/BLT.20.283051
[4] UNFPA (2020b), "Rapport d'enquête de perception. Evaluation rapide des impacts de la COVID-19 chez les jeunes et les adolescents à Madagascar.» Aogositra 2020.

# Miara-mientana hiady amin'ny herisetra eny anivon'ny sekoly

Ny herisetra eny anivon'ny sekoly dia olana manahirana izay tsy hay vahana raha tsy misy fandraisan'anjaran'ny **olona sy andrim-panjakana maro mitana adidy amin'andraikitra samihafa**, izany hoe ireo mpianatra sy ny ray aman-dreny ary fiarahamonina; ireo mpiasan'ny sekoly; ary ny fitondrana. Samy manana ny laharampamehany ireo vondron'olona ireo hiantohana fa ieren-doza sy lavitry ny herisetra ny sekoly.

Raha tsy mahalala ireo **mpianatra** fa tsy azo ekena ny herisetra dia tsy hanana eritreritra ny hiaro tena.

Raha tsy mahazo fanofanana momba ny fomba fifehezana tsara ny **mpampianatra** dia tsy ho tonga saina hoe misy fomba fanabeazana mahomby kokoa.

Raha tsy mamoaka lalàna mandrara ny herisetra eny anivon'ny sekoly ny **fitondrana** dia tsy afaka handraisana fepetra ireo mpampianatra na mpiasan'ny sekoly izay manao herisetra, raha sanatria misy izany.

**Araka izany, ny fahombiazan'ny ady amin'ny herisetra eny anivon'ny sekoly dia mitaky ezaka ifarimbonana.**



## Ahoana hoy ireo vondron'olona samihafa eny anivon'ny sekoly?


*Tamin'ny taona 2022 dia namokatra sy nanaparitaka gazety boky momba ireo lohahevi-dehibe mifandraika amin'ny tanora sy fahasalamany ho an'ireo fokonolona mpiaramiombon'antoka aminy ao amin'ny faritra Haute Matsiatra sy Amoron'i Mania ary Vakinankaratra ny fikambanana tsy miankina (ONG) Projet Jeune Leader (PJL).*

*Nizara ny heviny sy ny fomba fijeriny manoloana izany ireo mpamaky izay nahitana tanora, ray aman-dreny ary mpiarabelona eo amin'ny fiarahamonina.* ***Taratasy mirakitra hevitra sy fomba fijery miisa 8 498*** *no voarain'ny ekipan'ny Projet Jeune Leader ka nodinihiny.*

*Ity gazety boky ity dia mamintina ireo* ***sosokevitra natolotr'ireo vondron'olona ireo ho fisorohana sy fiadiana amin'ny herisetra eny anivon'ny sekoly****.*

**434**

isan'ireo hevitra voaray ka mifandraika amin'ny herisetra



### HEVI-DEHIBE

- **Ny herisetra eny anivon'ny sekoly dia mbola olana lehibe raha ny eto Madagasikara no resahina.** Mahatsapa ireo mpisitraka fa mbola maro no tsy mahalala akory ny atao hoe herisetra, toa kolontsaina mihitsy ilay fanaovana herisetra amin'ny mpianatra ary tsy misy politika na rafitra fiahiana atolotry ny lalàna manoloana izany.
- **Ireo ezaka hiadiana amin'ny herisetra dia tsy voatery handaniana fotoana na vola be.** Maro amin'ny sosokevitr'ireo mpisitraka no afaka tanterahina amin'ny alalan'ny ezaka antonony na efa tafapetraka ao anivon'ny hetsika hafa.

# Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona samihafa eny anivon'ny sekoly momba ny herisetra?

"Ety amin'ny CEG [anarana nafenina] dia mbola misy maditra be: misy **mamango sofina**, dia any amin'ny EPP mbola **misy mpampianatra mandaka**."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Ny antony mampisy ny tranganà herisetra midangana be toy izany eny amin'ny sekoly izay toeram-panabeazana dia ny **tsy fanarahana ny fitsipi-pipehezana apetraky ny tompon'andraikitra eo amin'ny sekoly**, ny **tsy fifanajana** eo amin'ny mpianatra sy ny mpanabe, ary ny tsy fifanajana eo amin'ny samy mpianatra."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Ny atỳ aminay tompoko dia misy mpampianatra manao herisetra ara-batana amin'ny mpianatra toy ny mampandohalika amin'ny vato kely, manao teny maharary, mandatsa ny tsy ampy fitaovana. **Mangataka izahay amim-panajana ny tsy hanaovan'ny mpampianatra herisetra aminay, herisetra ara-batana io sy fandatsana**."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"[...] tsy mandinika ny mpanabe sasany, mieritreritra izy ireo fa tsara izany [herisetra] nefa **mamotika ny hoavin'ny firenena ary manembatsembana ny zon'ny olombelona**."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"[...] **heverin'ireo** mpanabe fa ny sazy sy ny fakasiahan-tànana dia hampiova ilay mpianatra... Eo am-panangana vondrona iray izahay **hampianarana ireo mpampianatra vao hiofana hampianatra amin'ny fomba mendrika**."
(Mpampianatra, Amoron'i Mania)

"[...] **tsy misy ny fifanajana** sady **tsy mba mihevitra ny hoe 'mitovy zo daholo na ny lahy na ny vavy'**. Tokony ampiana mpanabe olon-tsahala na 'Projet Jeune Leader' eny amin'ny sekoly tsirairay. Ny 'Cours JL' ao no ahitana torohevitra momba izany [herisetra izany]. Mankasitra ny PJL amin'ny fampianarana."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Rehefa **tsy mahay manaja ny zon'ny zaza** ny mpanabe dia mampiasa herisetra amin'ny mpianatra. Tsy mamporisika ny mpianatra sy ny ray aman-dreny **hitoroka ny herisetra ny sekolinay**. Eny misy fomba malina sy azo antoka. [Tokony] hamafisina ny fitsipika mifehy ny mpianatra ary ho mpanabe fa tsy mpanasazy [ireo mpampianatra]. Dia manangana fifanankalozan-kevitra [momba ny ady amin'ny herisetra] isan-kilasy."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)


"Ahitana tranganà herisetra midangana eny amin'ny sekoly izay toeram-panabeazana **satria maro ireo mpampianatra tsy mandalo FIOFANANA** fa tonga dia lasa mampianatra. **Etỳ ambanivohitra no tena ahitana an'io.** Fanarenana: omena **formation** momba an'ireo taranja izay hampianariny izy ireo, ny zavatra tokony hotandremany manoloana ny ankizy. Ampahafantarina ireo mpampianatra koa ny zavatra mety ho hitany manoloana ny fihetsik'ireo ankizy (ditra, tsy fivakian-doha amin'ny atao sns...) dia omena azy ny vahaolana amin'izany."
(Mpampianatra, Amoron'i Mania)

"Ny antony ahitana herisetra midangana be eto amin'ny sekolintsika dia noho ny **fitsiriritan'ny mpampianatra ny mpianatra**."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

**58%**

ny mpianatra eto Madagasikara no efa nianjadian'ny herisetra teny anivon'ny sekoly*

* Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary Fampiroboroboana ny Vehivavy (MPPSPF), Instat, & UNICEF Madagascar. (2019). Etude sur les violences envers les enfants a Madagascar



# MINISTERA MANDRAY ANDRAIKITRA

**Ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena dia efa nandray fepetra lehibe hanolorana toeram-panabeazana ieren-doza, lavitry ny herisetra, misokatra ho an'ny daholobe tsy an-kanavaka ary mahomby ho an'ny rehetra.**

Ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena dia manameloka ny sazy ara-batana eny anivon'ny sekoly raha ny Andininy faha-11 ao amin'ny Tenimita #5246-96 (1996) sy ny Tenimita #234/MEN/SG (2017) no jerena.

Ahafahana miantoka fa misitraka fanabeazana tsara kalitao, misokatra ho an'ny daholobe tsy an-kanavaka ary manaja ny rariny dia ilaina **havaozina ity fanambarana ity** hiresaka mazava momba ny herisetra ara-pananahana sy ara-pihetsehampo eny anivon'ny sekoly.

Afaka ampiasaina koa ireo **rohin-tserasera** misy ao amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, na koa ny **serasera ao amin'ny aterineto sy ny gazety** hiantohana ny fahafahan'ny mpampianatra sy ny talen-tsekoly ary ny mpitondran'ny sehatra fanabeazana rehetra misitraka sy mampiasa itỳ fanambarana itỳ.






## Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona samihafa eny anivon'ny sekoly?

"Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekolinay hiantohana ny fiahiana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny **mametraka fitsipika hitovian'ny zon'ny lahy sy ny vavy.** Tokony **iharan'ny lalàna** avy hatrany izay manasazy ny mpianatra ary mampiasa herisetra amin'ny mpianatra."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekoly hiantohana ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia **raràna ny herisetra eny an-tsekoly,** na ara-batana izany na ara-tsaina na ara-pihetseham-po. Ohatra, eny an-tsekoly izao dia mety manavakavaka ny mpampianatra. Izay izao dia efa herisetra."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekoly hiarovana ny mpianatra amin'ny herisetra dia ny misitraka ireo fanampian'ny mpikambana miasa ao amin'ny fiarovana amin'ny herisetra. [...] **Ny lalàna eto Madagasikara ary mametraka an'io fiarovana amin'ny herisetra ara-batana, sy ara-pihetseham-po, ara-nofo, ara-tsaina.** Indrindra indrindra ny fiarovana amin'ny herisetra ara-nofo satria ny herisetra ara-nofo ankehitriny dia tena be loatra no ianjadian'io herisetra io."
(Mpianatra, Vakinankaratra).

"Tsy mbola misy fomba **malina sy azo antoka** ahafahan'ny mpianatra [mitoroka herisetra] izany eto amin'ny sekoly misy anay. Ny fomba hafa tokony hataon'ny sekoly mba hiantohana ny fiahiana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny manisy **tompon'andraikitra** misahana izany eo anivon'ny sekoly na eo amin'ny fokontany misy ny sekoly ary tokony hisy **lalàna sy fitsipika** ampiharina ho an'izay olona tratra manao herisetra."
(Mpampianatra, Amoron'i Mania)

"Fomba tsotra mba tsy hisian'ny herisetra ao an-tsekoly: tokony hisy ny **fitsipika ifampifehezana ao an-tsekoly na ho an'ny mpianatra na ny mpampianatra;** raha misy ny olana mitranga dia mandray andraikitra ny tsirairay. Zon'ny mpianatra ny miteny amin'ny ray aman-dreniny raha misy tsy mety ataon'ny mpampianatra. Toy izany koa ny mpampianatra, raha misy tsy mety ataon'ny mpianatra."
(Ray aman-dreny, Haute Matsiatra)

## FAMPIHARANA

**Ny fanavaozana ny Tenimita amin'itỳ taompianarana itỳ dia tsy entina hanamelohana ny herisetra ara-batana fotsiny ihany fa ny herisetra ara-pananahana sy ara-pihetseham-po eny anivon'ny sekoly koa. Izany no hiantoka fa afaka mivelatra tanteraka eo amin'ny lafiny ara-tsaina, ara-batana, ara-moraly, maha-olom-banona ary ara-javakanto ny mpianatra tsirairay avy.**



# SEKOLY MANDRAY ANDRAIKITRA

**Manana anjara andraikitra lehibe eo amin'ny fiahiana ny ankizy ny sekoly. Natao hampiroborobo ny hasina sy ny fivelarana àry ny fiahiana ny ankizy izy ireo.**

Azontsika atao ny mampitombo ny fahombiazan'ireo vondrona mpitondran'ny sekoly na **FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fampandrosoana ny Fampianarana Ifotony)** amin'ny alalan'ny fampidirana ny fanatanterahana ny paikady fisorohana sy fiadiana amin'ny herisetra ho isan'ireo andraikiny. Izany dia hiantoka ny fanolorana fanabeazana tsara kalitao. Ireo mpiaramiombon'antoka ara-bola amintsika dia mahalala fa ilaina dia ilaina tokoa izany ho fanatratrarana ny ODD4 ka tokony ho vonona izy ireo hanohana ny ezaka ataontsika.

**Hetsika manan-danja sy mahomby izay afaka tohanan'ny Ministera ny fampidirana azy ho isan'ireo andraikitry ny vondrona mpitondra:**

- Miara-miasa amin'ny mpampianatra, fianakaviana ary fiarahamonina ahafahana misitraka fiofanana sy fanohanana araka ny tokony ho izy momba ny fifehezana tsara.
- Mamolavola lalàna sy torolàlana ho an'ny sekoly ho fanatanterahana ny politika mandrara ny herisetra navoakan'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena.
- Mametraka àry mampihatra fepetra fifehezana ho an'ireo izay mandika ny lalàna.

Ho fanaraha-maso ny zava-bita dia afaka asiana tondro iray ao amin'ny rafim-panangonana fahalalana ho entina mitantana momba ny fanabeazana (Système d'information de gestion pour l'éducation) ahitana hoe am-pahafirin'ireo sekoly no manana politika hiadiana amin'ny karazana herisetra rehetra.



## Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona samihafa eny anivon'ny sekoly?

"Tena mamporisika ny mpianatra sy ny ray aman-dreny hitoroka ny herisetra ny sekolinay. Ny herisetra dia tsy azo ekena mihitsy na aiza na aiza. Indrindra indrindra eny an-tsekoly. [...] Ny soso-kevitro dia: miankina amin'ny fomba **fifampiresahanareo** mpanabe eny an-tsekoly sy ny **fifehezanareo** ny mpianatra ilay izy, sy ny **fifampiresahana tsara** amin'ny mpianatra miampy ny **torolàlana avy amin'ny ray aman-dreny** aty an-trano. Izany no ahafahana miaro ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra."
(Ray aman-dreny, Amoron'i Mania)

"Ny fomba isorohana [ny herisetra eny an-tsekoly] koa dia **any amin'ireo mampianatra**: tokony hanabe ny ankizy araky ny tokony ho izy fa tsy hanavakavaka na hanambany na koa hanao teny mahery mandratra izy ireo."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)


"Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekoly hiantohana ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny manisy mpampianatra **hampianatra momba ny fiainan'ny tanora,** mametraka **fitsipika ifampifehezana ao an-tsekoly mba tsy hisian'ny herisetra.** Fanamafisana ny **fampiofanana mpampianatra** amin'ny fomba fifehezana tsara ny mpianatra. Tokony hasiana koa ny fomba hapetraka ahafahan'ny mpianatra sy ny ray aman-dreny **mitatitra ireo trangana herisetra ka tsy hanana ahiahy ny momba ny fanitsakitsahana ny fiainana manokana**."
(Ray aman-dreny, Haute Matsiatra)

"Ny afaka atao hanarenana izany dia ny **mampahafantatra ny mpanabe sy ny samy mpianatra** fa misy voka-dratsiny ny herisetra, na ara-batana na ara-tsaina ary indrindra indrindra ara-pihetseham-po. [...] Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekolinay hahazoana antoka ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny mametraka **fitsipika ao an-dakilasy**, mametraka mazava ny **zavatra andrasana amin'ny mpianatra** rehetra tsy an-kanavaka, ary mametraka **tanjona** amin'ny fiandohan'ny kilasy."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"[...] tokony hanana fifandraisana malalaka sy mivelatra bebe kokoa amin'ireo mpianatra ireo mpanabe. Tokony hiezaka mba hanome fanazavana ampy sy mazava amin'ireo mpianatra ny mpampianatra. **Omena sehatra hilazany izay tsy azony ny mpianatra, tsy tokony hanao teny fandrahonana sy fampihorohoroana ary feno fandatsana amin'ireo mpianatra ny mpanabe**."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

## FAMPIHARANA

**Ampidirina ho isan'ireo anjara andraikitry ny vondrona FEFFI ny fanatanterahana ireo paikady fiadiana sy fisorohana ny herisetra, sy ny fanofanana momba ny fahaizamanao mifandraika amin'izany ka ireo zava-bitany no hiaingana mba hiantohana fanabeazana tsara kalitao ho an'ny mpianatra na any amin'ny toerana farak'izay ambanivohitra aza.**



# MPIANATRA MANDRAY ANDRAIKITRA

**Ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina sy fiainana maha-tanora miendrika taranja iray ka atolotry ny mpanabe voatokana nahazo fanofanana sy mahazo fanohanana ho amin'izany eny anivon'ny sekoly** dia anisan'ireo fomba mahomby sy mirary indrindra **hiahiana ny ankizy amin'ny herisetra**, ankehitriny sy rahatrizay.[1]

Maro ireo porofo voarakitra maneran-tany sy eto Madagasikara izay maneho fa ny fanabeazana miainga amin'ny taranja novolavolain'ny mpanabe voaofana sy mahefa dia afaka:

- ✓ Manampy ny ankizy hahay miaina àry mampiroborobo ny fitovian-jo eo amin'ny fifandraisana.
- ✓ Mampianatra ny ankizy momba ny fitondran-tena ieren-doza sy ny fomba afaka ampiasainy hiarovany tena amin'ny fanararaotana.
- ✓ Miady amin'ireo lamina ifanekena mahakasika ny fiainam-piarahamonina sy ny anjara toeran'ny lahy sy ny vavy izay manamarina ny herisetra.



Ny DGES sy ny CRINFP Mahazengy ary ny ekipan'ny Projet Jeune Leader

[1] *UNESCO and UN Women. (2016). Global guidance on addressing school-related gender-based violence; World Health Organization. (2019). School-based violence prevention: a practical handbook.*

[2] *Fanadihadiana natao mandritra ny taom-pianarana 2018-2019 (Quasi-experimental program outcome evaluation with a non-equivalent comparison group pretest-posttest design (n = 1,213), 2018-2019 school year)*



## VAHAOLANA AVY AMIN'NY TANORA MALAGASY HO AN'NY TANORAN'I MADAGASIKARA

Hatramin'ny taona 2013 dia niara-niasa tamin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena malagasy ny fikambanana tsy miankina **Projet Jeune Leader** hametrahana **Mpanabe Voatokana hampianatra momba ny fahaiza-miaina sy ny fiainana maha-tanora eny amin'ny CEG.** Vokatra mahavelom-bolo toy ireto manaraka ireto no azo tamin'izany:

– Rehefa tapitra ny taom-pianarana dia tsikaritra fa **nihatsara ny fomba fijery** nananan'ireo mpianatra nianatra ilay taranja natolotry ny Projet Jeune Leader niaraka tamin'ny Mpanabe Voatokana nahazo fanofanana momba izany, momba ny atao hoe **fifandraisana tomombana**. Ireo mpianatra tsy nanaraka izany taranja izany kosa dia tsy nahitana fivoarana.

– Ireo mpianatra nianatra an'ilay taranja natolotry ny Projet Jeune Leader tamin'ny mpanabe napetrany tao an-tsekoliny dia tsikaritra fa **matetika kokoa no mitady fanampiana rehefa ianjadian'ny herisetra**.[2]

Ho fanatanterahana ny vina hanana mpianatra mahefa, mandray andraikitra ary mandray anjara mavitrika amin'ny fiainam-pirenena dia niara-nisalahy hanaparitaka ity fiantomorana ity ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny fikambanana tsy miankina Projet Jeune Leader hatramin'ny taona 2020. Tafiditra ao anatin'izany ny **fampidirana ny fandaharam-pianarana sy fanofanana ho Mpanabe Voatokana ao anatin'ny fanofanana an'ireo mpampianatra ao amin'ny faritra Haute Matsiatra amin'ny taona 2022.**

"Misy *convention* tokoa izay efa nifanaovan'ny Ministera sy ny Projet Jeune Leader amin'io fanatanterahana an'io dia anisan'ny stratégie entina hampiharana izay izany izao natao teto MAHAZENGY Fianarantsoa androany izao. Atelier izay anombohana an'izay **fampidirana ny fanabeazana momban'ny sexualité complète izay, ato amin'ny fomba fanofanana ny mpampianatra.** Natao izany paik'ady izany mba hampalakilaky ny fanampariahana io zavatra io satria ny mpampianatra izay voaofana aty amin'ny CRNFP no hiparitaka, any amin'ny fiarahamonina any, any amin'ny sekoly rehetra rehetra any, izy ireo no ho lasa vecteur hitondra izay fanabeazana momban'ny éducation complète à la sexualité izay any amin'ny mpianatra"

(Téophil RABENANDRASANA, DGES/MEN)

# Ahoana no hevitr'ireo vondron'olona samihafa eny anivon'ny sekoly?

"Araka ny voalazan'ny zanako ao amin'ny CEG dia **mampianatra ny momba izany herisetra sy ny fomba hiadiana amin'izany herisetra** izany ny JL*. Ny tokony ataon'ny sekoly dia ny manara-maso ny mpianatra tsirairay ka manomboka atỳ an-tokatrano ilay fanaraha-maso amin'ny alalan'ny **fanomezana fahalalana ho anay ray aman-dreny**, ohatran'ilay fiofanana nataon'ny JL."
(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

"Ny herisetra mantsy dia olana lehibe eo amin'ny mpianatra ka miteraka fahasahiranana ho azy ireo izany... Noho izany ary **ampianarina koa izy ireo mba hahay hiaro tena** raha sanatria ka isehoan'ny tranga herisetra tampoka izy ireo, ary **ampianarina koa mba hahay hifandray amin'ireo olon-dehibe** azo antoka mba hiadiana amin'ny herisetra, na ireo manampahefana akaiky azy indrindra."
(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

"Asiana "Projet Jeune Leader" mba hiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra. **Ampianarina momba ny fifandraisana voalanjalanja ny mpianatra, ampahafantarina azy ny lalàna momba ny herisetra**."
(Ray aman-dreny, Haute Matsiatra)

"Eny mamporisika ny mpianatra sy ny ray aman-dreny hitoroka ny sekoly satria **efa nampianarin'ny "Jeune Leader" anay. Efa nampahafantarina anay koa ny tokony hatao** raha iharan'ny herisetra na mahita tranganà herisetra, izany hoe manatona olon-dehibe azo itokisana. Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekolinay hiantohana ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny mampianatra azy hanatona **olon-dehibe azo itokisana** hiarovana amin'ny herisetra. Manatona ny "Projet Jeune Leader". Apetraka tsara ny **fitsipi-pitondran-tena** eo amin'ny mpianatra sy ny mpampianatra."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

"Ampivoriana ny mpampianatra, andefasan'ny fanjakana "Projet Jeune Leader" mba hahafantaran'ny mpampianatra bebe kokoa ny zavatra izay hatao amin'ny mpianatra, maka fomba ny atao eo anatrehan'izany. Eny, mamporisika ny mpianatra sy ny ray aman-dreny hitoroka ny herisetra ny sekolinay satria efa misy JL **mampianatra manokana izany sy manome torohevitra ho an'ny rehetra**. Ny fomba hafa afaka ampiasain'ny sekolinay mba hiantohana ny fiarovana ny mpianatra tsy ho tratran'ny herisetra dia ny miantso ny ray aman-dreny rehetra hivory hiaraka amin'ny mpampianatra sy hofanin'ny JL mba **ahafahan'ny ray aman-dreny manome hevitra amin'ny zanany ary koa ahafahan'ny mpampianatra manabe bebe kokoa** sy mba hanamora ny fiarovana azy ireo tsy ho tratran'ny herisetra."
(Mpianatra, Amoron'i Mania)

## FAMPIHARANA

**Ny fanohizana ny fanaparitahana sy fampidirana ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina sy ny fiainana maha-tanora miendrika taranja atolotry ny Mpanabe Voatokana dia tanjona iray apetraka ao amin'ny Drafitra Stratejika ho an'ny Fanabeazam-pirenena ho fametrahana fepetra mahomby sy mirary hiahiana ny zanantsika amin'ny herisetra.**






# "Mpanabe fa tsy mpanasazy"

Teo an-dàlana ho any an-tsekoly Ramose Fetra no naheno vata fahitalavitra mikasaosaoka. Fantany avy hatrany ilay feon-kira, voavinavinany avy hatrany ilay fampiaraham-peo hanaraka ny feon-gitara ao amin'ny televiziona nasionaly. Nihato kely izy ka nanongilan-tsofina.

*"Velona ny lakolosy, manomboka ny lakilasy..."*

Noraisiny ho fankaherezana avy any ambony ilay hira. Tsapan-dRamose Fetra toa nidobodoboka be ny fony. **Hivory miaraka amin'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra manko ny mpandraharaha sy mpampianatra ao an-tsekoly ny harivan'iny ka handinika ny fanavaozana ny sata fampianarana.** Ramose Fetra no hitarika ny fivoriana.

Mbola niahiahy Ramose Fetra raha nanomboka ny fivoriana saingy tadidiny ilay hira reny teny an-dàlana ka namelombelona ny fony izany. "Mila sahy aho," hoy izy tany an'eritreritra. "Mila mijoro manao ny marina aho."

Nitsangana araka izany izy rehefa nandeha ny fivoriana ka teo afovoam-bahoaka teo izy no nandray fitenenana ka nanohitra ny ankamaroan'ireo mpampianatra tao an-tsekoly sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra tamin'ny fananambarana fa tsy mety ny fomba fifehezan'ny sekoly ny mpianatra. **Nanizingizina izy fa tsy mety ny fikasihan-tanana hanasaziana ireo mpianatra, tsy mety ihany koa ny fampiasana teny mandratra.**

Nifandrombaka sy nifandimby nilaza ny heviny ireo mpampianatra sy ireo ray aman-dreny. Teo no nanamafy fa izany no fomba fanao tany am-pianarana hatrizay. Izany daholo no niainan'izy rehetra nefa toa tsy nisy naninona. Koa nahoana no ovaina tampoka teo? Nisy aza nilaza fa fomba malagasy izany!

Tsy voahozongozona anefa Ramose Fetra.

"Solofo dimbin'ny ala ireo, hoy izy nanitrikitra, ka **ilaina kolokoloina fa tsy simbaina**. Ekeko fa mila fitsipika sy fifehezana izy ireo saingy amin'ny fomba hafa, amin'ny fomba mampandroso. Tsy misy solofo maniry sy mivelatra izany raha kapaina sy velesina lava. Rehefa mitsiry ny volinareo dia tondrahana, omena aloka, asiana zezika, arovana amin'ny aretina sy ny bibikely. Ny voly aza haintsika ny manao izany ka dia nahoana ny zanantsika izay voalohan-karenantsika sy sombinainantsika no atao an'izany? Tsy mihoatra ny solofo ve izy ireo? Sady ny asantsika mpampianatra dia ny hanabe. **Mpanabe**, hoy aho, fa tsy **mpanasazy**!"

Akory ny hagagan-dRamose Fetra fa nijoro nandray fitenenana Ramatoa Tale.

"Iombonako manana ny hevitrao," hoy izy. "Marina ny voalazanao. Tsy fomba mahomby hanitsiana fitondrantena tsy mety ny fanasaziana ara-batana sy ara-pihetsehampo. Vao mainka aza mahatonga ny ankizy hihevitra fa mety ny mampiasa herisetra mba handaminana olana na fifandirana. **Rehefa fomba mampandroso sy tsy misy herisetra no entin'ny mpampianatra manitsy ireo mpianatra dia hitany mivantana fa azo atao ny mamaha ireo fifandirana amim-panajana.** Tsapako fa ny fanasaziana nampiasaintsika hatrizay dia nanimba ny fifankahazoana sy fifampatokisana teto an-tsekoly."




Niverina ningonongonona nifanakalo hevitra ny iray efitra saingy niova ny votoatin-dresaka. Vao mainka talanjona Ramose Fetra rehefa nifarana ny fivoriana ka tapaka ny hevitra fa hivory indray ry zareo ny herinandro manaraka an'iny ka hametraka sata vaovao ao an-tsekoly.

**Tsy tongatonga ho azy io finiavany io fa vokatry ny zava-niseho teo amin'ny fiainany. Fony izy mbola kely dia nanana mpampianatra masiaka izy.** Nihorohoro ny handray anjara tao am-pianarana ny ankizy fa raha mandiso dia voakapoka amin'ny fitsipika na mahazo fanambaniana. Toa nizara roa ny mpianatra teo imason'io mpampianatra io. Ireo ampy fitaovana sy mahay dia voakolokolo sy voaaramaso tsara. Ireo sahirankirana ara-pitaovana na ara-pahaizana kosa dia toy ny isan-dabilio ihany taminy.



**"Tsy fomba mahomby hanitsiana fitondrantena tsy mety ny fanasaziana ara-batana sy ara-pihetsehampo. Vao mainka aza mahatonga ny ankizy hihevitra fa mety ny mampiasa herisetra mba handaminana olana na fifandirana."**

Raha sendra misy iraharahiany azy ireo dia kitakita izay no mahazo azy.

**Sendra tafiditra tao amin'ny sokajy voalohany i Fetra** satria dia nametraka ny fanabeazana azy ho laharam-pamehana ny ray aman-dreniny na dia olon-tsotra toy ny rehetra aza. Nampandefitra ny fialamboliny ny dadany ary niezaka ny hivarotra ny vokatry ny saha ny reniny ahafahan'izy ireo mividy fitaovam-pianarana ampy ho azy sy ireo zandriny. Fifehezana nipetraka tao an-trano ny hoe tsy manao raharaha na mandeha milalao raha tsy efa nahavita entimody.

**Lesabotsy mpiara-mianatra aminy kosa dia tafiditra tao amin'ny sokajy faharoa.** Ny tao an-trano efa nanahirana, ny tao an-tsekoly tsy mba nampitsiry fanantenana tao am-pony fa vao mainka nanampy trotraka. Tsy afaka tao an-tsain'i Fetra mihitsy ilay takolak'i Lesabotsy nivoaramenan'ny henatra namerina nanitrika ny Lala sy Norony efa rovidrovitra tao anaty kitapony. Hitany ihany koa ny fipitrapitrany nahatsikaritra fa tsy hain'ny mpampianatra akory na dia ny anarany azy.Teo ihany koa ny fijaikojaikony nifindra teny amin'ny dabilio farany teny akaiky varavarana rehefa tonga saina izy fa isan'olona fotsiny izy ao an-dakilasy.

Tsy hitan'i Fetra izay nanampiana azy, samy ankizy eny, ka inona no azony atao? **Nanao tsidi-pahitra ny lakilasy Lesabotsy iny taona iny ary ny taona manaraka an'iny dia tsy niverina nianatra intsony izy. T**oa i Fetra irery no nahatsikaritra izany ary vao mainka nalahelo izy.

Nivoady ny ho lasa mpanabe izy indray androany ary fomba hafa no hitondrany ny fampianarany: hanitsy fa tsy hanasazy, hiteny amim-panajana fa tsy hitrerona, hifampiresaka fa tsy hibedy, hanoro fa tsy handatsa, hanohana fa tsy hanakiana, hifanaraka fa tsy hibaiko ary sanatria dia **sanatria ny hikapoka na hampiasa herisetra na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona izany.**

Herinandro taorian'ilay fivoriana dia nivory indray ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny mpandraharaha tao an-tsekoly ary ny mpampianatra ka namolavola sy nifanaiky ny sata vaovao fampianarana izay izay **mandrara ny fanasaziana sy herisetra amin'ny endrika rehetra** no sady nametraka fitsipika mazava ifehezana ny sekoly. Fitsipika, araka ny navohitr'i

Ramose Fetra, izany hoe tsy mitovy amin'ny sazy. Tapaka koa fa hamafisana **ny fampiofanana mpampianatra** momba ny fifehezana tsara ny mpianatra. Hisy koa ny **rafitra fanaovana tatitra azo antoka sy manaja ny tsiambaratelo** (izay azo ampiasaina ary fantatry ny mpianatra sy ny mpampianatra rehetra) momba ny trangana herisetra izay hatsangana. Farany dia nisy ihany koa ny fomba hapetraka ahafahan'ny mpianatra sy ny ray aman-dreny **mitatitra ireo trangana herisetra mba tsy hananany ahiahy ny momba ny fanitsakitsahana ny fiainana manokana**. Tsy mbola velom-bolo tahaka izany Ramose Fetra.

> **"Fitsipika, izany hoe tsy mitovy amin'ny sazy"**

Nony nirava ny fivoriana dia nisy olona niandry teo am-baravaran'ny hevitra fivoriana.

"Lefetra?"



Nitraka Ramose Fetra. Nihiratra ny masony. Lesabotsy ve itỳ mijoro manoloana azy itỳ? Roampolo taona atỳ aoriana?

**"Tena Lesabotsy marina,"** hoy Ramose Fetra, sady nanolotra ny tanany. "Angaha ianareo mipetraka etỳ?"

"Ie, mipetraka aty izahay ary 4ème ato i Dimby zanako?" hoy Lesabotsy namaly.

"Dimby?" hoy Ramose Fetra nihoraka. "Mpianatro i Dimby. Mampianatra 4ème aho!"

Nivanaka Lesabotsy. "Sambatra Ledimby", hoy ihany Lesabotsy, sady nofonosin'ny tamin'ny felatanany roa ny tànan-dRamose Fetra. "Sambatra Ledimby manana mpampianatra ohatra anareo."


Samy tsy nahateny izy mirahalahy fa dia nifampibanjina teo.

Toa maivana izany ny sorok'i Fetra. Raha nifametraka ny mandrampihaona izy sy Lesabotsy dia nivoady izy fa hohefainy amin'i Ledimby izay tsy vitany tamin'i Lesabotsy taona maro lasa izay. **Sekoly ieren-doza sy lavitry ny herisetra no hatolony azy, toerana ahafahany mivelatra tanteraka sy mianatra amim-pilaminana, tontolo mikolokolo sy manohana ary misy fifampatokisana...**

Izany fomba fanabeazana izany no fantany fa fomba mahomby ahafahan'ny sekoly mampihena ny isan'ireo ankizy miala an-daharana ary manomana ny taranaka ho lasa olom-banona.



**Ny gazety boky Ampitampitao! dia natao hanangonana sy hamaliana ireo fomba fijery sarobidy zarain'ireo vondron'olona samihafa mpisitraka ny asan'ny Projet Jeune Leader momba ny zava-niainany sy ny fahitany ny politika sy ny fandaharanasa ho an'ny fahasalaman'ny tanora.**




**Resy lahatra izahay fa ny fampiarahana ny fahaiza-mitondra mavitrika sy ny hetsika miainga amin'ny porofo dia ahafahana miteraka ny vokatra lehibe indrindra izay ahafahan'ny zanantsika hitombo ka ho lasa olon-dehibe salama sy sambatra àry vanona.**

## Misy fanontaniana manitikitika ve?

Projet Jeune Leader dia resy lahatra fa ny fahombiazan'ny fandaharanasa sy politika dia miankina amin'ny fahalalana sy famaliana ireo hetahetan'ireo mpisitraka eny anivon'ny fiarahamonina. Raha te hahalala bebe kokoa momba ny tamberina nalefan'ireo mpisitraka na ireo fiantomorana mahomby tsara ampiasaina amin'ny politika sy fandaharanasa momba ny fahasalaman'ny tanora eto Madagasikara ARY hizara tamberina dia tsidiho ny rohy:

**https://fr.projetjeuneleader.org/ressources**

*Ity gazety boky ity dia novolavolaina sy novokarin'ny*

**PROJET JEUNE LEADER**



Ny sekolinay leroa sekoly tena milay
Tsy ahitana herisetra efa hatramin'izay
Mahay mifanaja ny lehibe sy ny kely
Raha ny herisetra tsy ho hita velively
Tsy ahitana risoriso ary tsisy kolikoly
Milamina ny rehetra sady koa tony!
Tsy manavaka na mahantra na ny manana
Fa mitovy avokoa ny fandraisantanana
Tsy misy maloto na hoe mavomavo
Fa miara-mifaly dia miara-miravo
Tsy misy zana-dRakoto na zana-dRabe
Fa mitovy avokoa eo amin'ny mpanabe
Tsy misy hoe tara na koa tena mahay
Fa mitovy avokoa toy ny zaza iray!
Mahay mifanaja izahay rehetra
Ary lavitra tanteraka izany herisetra
Mahay mifanaja ary mitovy tantana tokoa
Lavitry ny herisetra fa mifandray am-po
Sekoly modely tsy misy herisetra
Ary izany no irariana hiainantsika rehetra.

**Tononkalo nosoratan'i Anselme, "Le Gamin Noir", Jeune Leader ao Fianarantsoa**



**MANOME ANTOKA FA NY TSIRAIRAY DIA AFAKA MISITRAKA FANABEAZANA TSARA KALITAO SY MITOVY LENTA ARY MANOME VAHANA NY FIANARANA MANDRITRA NY ANDROM-PIAINANA.**